Manatòna An'Andriamanitra Amin'ny Alalan'ny Vavaka (Fizarana 1)

Miorina amin'ny boky *Inona Marina no Ampianarin'ny Baiboly?* toko 17, azo jerena ato amin'ny jw.org.

TANJONA: Hamantatra hoe inona no inoanao ary nahoana, handinika izay ampianarin'ny Baiboly, ary hijery ny fomba hanazavana an'izay inoanao amin'ny hafa.



HENOIN'ANDRIAMANITRA VE NY VAVAKA REHETRA?

1 FANTARO IZAY INOANAO

Nahoana ny olona sasany no mety hamaly hoe eny?

Nahoana ny olona sasany no mety hamaly hoe tsia?

Ary *ianao,* inona no inoanao?

Nahoana ianao no mino an'izany?

www.jw.org © 2017 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania

2 DINIHO IZAY AMPIANARIN'NY BAIBOLY

Henoin'Andriamanitra ny vavak'ireo tso-po izay tena mitady azy tokoa, na inona na inona resahin'izy ireo aminy ao amin'ny vavaka.
(Jereo ny boky *Ampianarina,* toko 17, fehintsoratra 1-4.)

Vakio ny Filipianina 4:6, 7.

Tsy rehefa misy zavatra ilaintsika ihany isika vao mivavaka. Nahoana no tsara koa ny manao vavaka fisaorana matetika?

Vakio ny Jakoba 4:8.

Nahoana ny vavaka no manampy antsika ho lasa naman'i Jehovah akaiky kokoa?

Tiantsika raha miresaka amintsika foana ny namantsika, fa tsy rehefa misy zavatra ilainy ihany. Tian'i Jehovah koa raha mivavaka aminy foana isika, ary miresaka aminy momba ny zavatra be dia be

www.jw.org © 2017 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania

Henoin'Andriamanitra ny vavak'ireo manao zavatra mifanaraka amin'izay angatahiny.

(Jereo ny boky *Ampianarina,* toko 17, fehintsoratra 5-8.)

Vakio ny Marka 11:24 sy ny Jakoba 2:26.

Nahoana no mila manana finoana isika, raha tiantsika henoin'Andriamanitra ny vavaka ataontsika? Ary ahoana no ampisehoantsika hoe manam-pinoana isika?

Vakio ny Matio 6:11 sy ny 2 Tesalonianina 3:10.

Inona, ohatra, no hataontsika raha manao zavatra mifanaraka amin'izay angatahintsika amin'ny vavaka isika?

Nahoana no *ankasitrahanao* ny hoe avelan'Andriamanitra hivavaka aminy ianao?

www.jw.org © 2017 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania

3 HAZAVAO IZAY INOANAO

RAHA MISY MITENY HOE…

Henoin'Andriamanitra ny vavaka rehetra.

DIA AZONAO VALIANA HOE…

Be dia be ny olona mieritreritra hoatr'izany. Hafa noho izany anefa no ampianarin'ny Baiboly satria...

_____

_____

Inona ny andinin-teny azonao resahina amin'ilay olona?

_____

Ahoana no hanazavanao an'io andinin-teny io amin'ilay olona?

_____

RAHA MISY MITENY HOE…

Natao hampitony saina fotsiny ny vavaka.

DIA AZONAO VALIANA HOE…

Be dia be ny olona mety hieritreritra an'izany. Tsy mino an'izany anefa aho satria...

_____

_____

Inona ny andinin-teny azonao resahina amin'ilay olona?

_____

Ahoana no hanazavanao an'io andinin-teny io amin'ilay olona?

_____

www.jw.org © 2017 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania